



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 5-11 AOGOSITRA 2015

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

FOTOTRY NY DISADISA

Mifototra betsaka amin'ny fitsipahana ny vokatry ny fifidianana ireo endrika disadisa nahazoana tatitra. Raha tsy hiresaka afa-tsy ireo renivohi-paritany isika ohatra dia tsy misy na dia iray aza tsy ahitana kandida mitsipaka ny valim-pifidianana vonjimaika: ao ny milaza fa nisy hala-bato, ao ny mangataka fanafoanana ny vato azon'ny kandida hafa na ny fanafoanana ny vokatry ny latsa-bato rehetra mihitsy aza. Santionany ihany ireo ny amin'izay lazain'ny kandida fa antony andavany ny valim-pifidianana saingy ny ao Fianarantsoa no misongadina indrindra satria dia zary niafara tamin'ny fifandrafesana ny samy antoko politika ny raharaha ka nahatonga fifampihantsiana toa efa mila hivadika fifanandinana sy firotsahana an-dalam-be mihitsy. Raha tsiahivina moa ny fototr'izao tsy fifankazahoana izao dia ny fitsipahan-dRamatoa Christine Razanamahasoa kandidan'ny vondrona Mapar marindrano ny fandresen'ny mpifanandrina taminy avy amin'ny antoko HVM, Ramatoa Irma Juliandres Harilalaina araka ny vokatra vonjimaika navoakan'ny SRMV. Araka izany dia nisy ny fiantsoana vahoaka hidina an-dalam-be na dia foana aza ny fihetsetsehana nokasain'ny Mapar sy ny antoko Tambatra hotanterahina ny 07 aogositra lasa teo. Vokatry'izay dia nisy ny fifandonana teo amin'ny andaniny sy ny ankilany na dia efa maro aza ireo mpitandro ny filaminana niatrana teo amin'ny faritra izay voatondro hanatanterahana io hetsika io. Mafanafana indray ao an-tanànan'I Fianarantsoa ao taorian'ny fanafihana sy fandrohana ny haino aman-jery **VIVA** ao an-toerana. Etsy ankilany, araka ny fampitam-baovao voaray, niforona ny antsoina hoe "Zanakala", izay milisy tarihin'i Mamy Be ho an'ny antoko HVM ary niverina koa ireo "Zanadambo", milisin'ingahy Pety Rakotoniaina izay anisan'ireo nilatsaka hofidiana tamin'ny anaran'ny antoko Tambatra tamin'ny fifidianana ben'ny tanàna farany teo. Re ihany koa fa nisy ireo mpanao politika sy mpomba ny kandida niaran'ny vonon'ireto milisy ireto. Samy nanana ny fomba nampitany ity fifanolanana ity moa ny haino aman-jery tao an-drenivohitry Betsileo: tao ireo nampiharihary ny fiandaniany tamin'ny iray tamin'ireo mpifanandrina toy ny **VIVA Radio** sy ny **RFOne** izay mpomba ny Mapar ary tetsy ankilany ny **RTV Sofia** izany miandany amin'ny antoko HVM. Na izany aza anefa dia mendrika fankasitrahana ny fandraisana

Leader du Consortium

Membres du Consortium



Ce projet est financé par l'Union européenne



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



andraikitr'ireo haino aman-jery ireo ny amin'ny fisorohana ny mety ho fihoaram-pefy ka nampiaton'izy ireo ny fidiran'ny mpihaino mivantana amin'ny alalan'ny antso an-tariby tao amin'ny **RFOne**, **TSIRY** ary **RTV SOFIA** mandra-pilamin'ny raharaha. Ho an'ireo faritra hafa, toy ny renivohitr'i Madagasikara dia am-pitoniana no anaovan'ireo antoko politika sy ny mpomba azy ireo ny fitakiana mikasika tsy fanekena ny fifidianana farany teo.

Ankoatra izay, nahazo vahana betsaka tamin'ny haino aman-jery, na ny ao Antananarivo na ny any amin'ny faritra ny fitokonan'ny mpiasa eo anivon'ny orinasa Jirama. Midika izany fa mahakasika ny vahoaka rehetra manerana ny nosy io disadisa iray io. Ny faha 6 sy faha 7 n'ny volana aogositra teo dia nanambara mazava ny **VARATRAZA TV** sy **DS TV** fa tsy marina ireo siosion-dresaka nilazana fa mandray anjara amin'ny fitokonana ireo mpiasan'ny Jirama ao Antsiranana. Tsy toy izany kosa ry zareo any Mahajanga izay nampahafantatra tao amin'ny **M3TV** ny 10 aogositra teo fa tsy misy ifandraisany amin'ny fitokonana ataony ny mety ho fahatapatapahan'ny herinaratra. Ny faha 11 aogositra kosa no nanambara tao amin'ny **FMA TV** ny Tale Iraisam-paritra ao Toamasina fa tsy dia marisika loatra amin'ity hetsika fitakiana tanterahin'ny mpiasan'ny Jirama ity ry zareo na dia tsy misy aza ny sakatsakana avy amin'ny lehibe. Toy izany koa ny any Tolagnaro, nanambara tamin'ny fampielezam-peo **Lafa** ny Talem-paritry ny Jirama fa tsy mahafantatra akory ny fanomezana ny fitantanana ny foibe ao Mandrozeza ho an'ny amerikana, izay fototry ny fitokonana ireo mpiasa eo aminy.

FILAZA TSY MENDRIKA

Ny fifidianana Ben'ny tanàna sy ireo izay mety ho hosoka nifandraika tamin'izany no lohahevitra fototra niompanan'ny fanakianana ka nahenoana fomba filaza maro tsy dia mendrika loatra sy mandrangitra. Ny antoko HVM no tena nifanotofan'ireo mpanao politika sy ireo haino aman-jery. Maro tokoa ireo resaka nandeha mikasika ny antoko eo amin'ny fitondrana, ny siosion-dresaka izay tsy vitan'ny manaratsy endrika azy fotsiny fa sady mety hiteraka korontana ihany koa. Ny **VIVA TV** ohatra dia nanindry fa *“Mandrahona ireo Mpitsara misahana ny ady amin'ny fanjakana ny antoko akaiky ny fitondrana mba hamadihana ny voka-pifidianana hampandresana izany antoko izany.”* Ary koa *“Manararaotra ny savorovoro ao Fianarantsoa ny HVM mba hanodinana valim-pifidianana amina kaominina 17”* Mbola io fahitalavitra io ihany koa no niombon-kevitra tamin'ny vondrona Mapar sy antoko MMM izay nilaza tamin'ny fomba tsy mendrika fa *“Miray tsikombakomba amin'ny antokon'ny fitondrana ny CENIT amin'ny tetika hanaovana hosoka ny voka-pifidianana.”*; *“novain'ny antoko HVM araka izay mety aminy ny valim-pifidianana nampandaniany ny kandida MMM”* ary dia nararaotin'ny **VIVA TV** izany nanamafisany fa anaovan'ny HVM atsonjay ny antokon'Ingahy Andry Rajoelina. Ankoatra izay dia nahazo fanakianana mafy avy tamina mpandrindra fandaharana famakafakan-kevitra tao amin'ny FREE FM ny mpikambana iray amin'ny HVM Fianarantsoa antsoina hoe Mamy Be, nolazain'io mpikirakira fandaharana io fa *“silamo mahery fihetsika”* na irony antsoina hoe *“dihadiste”* ity lehilahy ity, nolazainy koa fa *“mpampihorohoro”* *“zanaka mpandovan'i Ben Laden eto Madagasikara.”* Matetika moa no

Leader du Consortium Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



ahenoana fiteny mahery sy mandrangitra toy izany ao anatin'ny fandaharana "Anao ny fitenenana" indrindra isaky ny miresaka ireo fifanoherena samihafa vokatry ny tsy fahatomombanan'ny fifidianana tao Fianarantsoa ry zareo. Tsara anefa ny manamarika mifanohitra tanteraka amin'ny fitsipika mifehy ny asa fanaovan-gazety izany. Tsy amin'ny haino aman-jery eto an-drenivohitra ihany no andrenesana fiteny mampiharihary ny fankahalana ny antoko HVM izay zary miitatra ka manjary fankahalana ny fitondrana mihitsy aza, fa dia manao toy izany koa ireo any amin'ny faritra. Raha voaasa tao amin'ny fandaharana Karibo tao amin'ny **VIVA Mahajanga** ohatra ny solombavambahoaka Jao Jean dia nanambara fa mbola tsy nahita fitondrana "*tsy misy ilana azy*" toy ity ankehitriny ity hono izy hatramin'izay nanaovany politika. Tsy nasian'ny **VIVA Mahajanga** resaka firy akory moa izany fanambarana izany ary toa tsy fantany akory aza fa tompon'andraikitra amin'izay mety ho fihoram-pefy ataon'ny olona asainy hiteny mivantana ao amin'ny onjam-peony izy.

Leader du Consortium

Membres du Consortium



Ce projet est financé par l'Union européenne